Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra



Fotoana sarotra ho an'i Jesoa

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Byron Unger; Lazarus

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Nampifanarahin'i: M. Maillot; Sarah S.

Tantara 38 amin'ny 60

www.M1914.org

Bible for Children, *PO Box 3, Winnipeg, MB R3C 2G1 Canada*

Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Malagasy

Rehefa natao batisa i Jesoa, dia niteny Andriamanitra nanao hoe: "Ity no Zanako malalako, Izay sitrako." Ary ny FANAHY MASIN'Andriama nitra nidina teo amin'ny Jesoa toy ny voromailala.

1

Fotoana vitsy tao aorian'izay, dia nentiny Fanahy Masin'Andriamanitra tany an'efitra i Jesoa. Ka nitoka-monina tany.



2

Nifady hanina efa-polo andro Jesoa. Izany hoe tsy nisakafo izy nandritra ny efa-polo andro. Koa nony afaka izany, dia noana mafy izy.

3

Ny Baiboly milaza fa nisy bibidia maro be koa tao amin'io toerana io.



4

Ary Satana tonga haka fanahy an'i Jesoa. Fahiny ela be, izy dia efa naka fanahy an'i Adama sy i Eva koa ka nahatonga azy ireo tsy nanaraka ny tenin'Andriamanitra.

5

Tamin'ity indray mandeha ity dia i Jesoa indray no handramany hotsapaina.



6

Satana dia afaka nanandrana naka fanahy an'i Jesoa, zanak'Andriamanitra.

7

"Raha Zanak'Andriamanitra tokoa Hianao", hoy Satana, "teneno ho tonga mofo ireto vato ireto."



8

Satria fantany fa noana i Jesoa. Ary fantany koa fa ny zanak'Andriamanitra dia mahay manova ny vato ho mofo. Hanaraka ny tenin'i devoly ve i Jesoa?

9

Tsia! Tsy nankato ny devoly i Jesoa. Vao maika aza Izy namaly tamin'Ilay Tenin'Andriamanitra manao hoe: "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona."

10

Rehefa afaka izany, dia nentin'i Satana tany amin'ny tanànan'i Jerosalema i Jesoa, tao amin'ny Tempoly Masina izay hivavahan'ny olona amin'Andriamanitra. Inona indray ary no hataon'ny devoly eto?

11

"Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, mianjerà any ambany any" hoy Satana; "fa voasoratra hoe: Izy handidy ny anjeliny hanavotra anao."

12

"Tsia" hoy Jesoa namaly. "Fa voasoratra ihany koa hoe ... Aza maka fanahy an'i Jehovah Andriamanitrao'."



13

Ary ny devoly nitondra Azy indray, ka nentiny tany ivelan'ny tanàna i Jesoa, teny ambony tendrombohitra avo dia avo iray.

14

Rehefa avy nasehon'i Satana an'i Jesoa ny fanjakana rehetra eran-tany, mbamin'ny voninahiny, dia hoy izy: "Izao rehetra izao dia homeko Anao, raha miankohoka eto anatrehako Hianao."

15

"Mandehana ianao, ry Satana!" hoy Jesoa tezitra. "fa voasoratra hoe: Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao."

16

Dia nandao an'i Jesoa ny devoly. Nisy zavatra mahafinaritra be niseho nony avy eo.

17

Ary Andriamanitra nandefa Anjely hampahery sy hikarakara an'i Jesoa zanany – izay tsy nankàto sy tsy nihaino ny devoly.



18

Fotoana sarotra ho an'i Jesoa

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Matio 4, Lioka 4

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Fantatr'Andriamanitra fa nanao zavatra ratsy isika. Fahotana no iantsoany ireny. Ny vokatrin' ny fahotana dia fahafatesana.

Tena tian'Andriamanitra tokoa anefa isika, ka dia nalefany ny Zanany lahitokana, Jesoa, ho faty eo ambony hazofijaliana hisolo ny fahotantsika. Nitsangana tamin'ny maty i Jesoa ary niverina nankany am-Paradisa! Amin'izao anio izao Andriamanitra dia afaka mamela ny helontsika.

Raha te-hiala amin'ny fahotanao ianao, lazao amin'Andriamanitra hoe: Andriamanitra o! Mino aho fa maty noho ny amiko Jesoa ary velona Izy ankehitriny. Miangavy anao aho, midira ao amin'ny fiainako, ary mamela ahy noho ny otako rehetra mba hananako fiainana vaovao, sy hahafahako miaraka aminao mandrakariva. Ampio aho ho velona ho anao tahaka ny Zanakao.
Amena. Jaona 3:16